# Ny Tantaran'i Anselme Lanturlu

Jean~Pierre Petit




Nadikan'i Jean Elysé Rajaofetra

# Savoir sans Frontières

Association Loi de 1901
Villa Jean-Christophe, 206 Chemin de la Montagnère, 84120 France



Jean-Pierre Petit, Filohan'ny Fikambanana: mpitantana mpikaroka tao amin'ny Cnrs, astrôfizisiana, mpamorona karazan-javatra tsy mbola fahita; tantara an-tsary momba ny Siansa. Tamin'ny 2005 izy dia nanapa-kevitra ny hametraka ireo sangan'asany, izay mihoatra ny roapolo, ao amin'ny Internet, ho azon'ny rehetra jerena sy ampiasaina maimaim-poana. Dia nanangana fikambanana iray antsoina hoe "Fahalalana tsy misy fefy" koa izy, izay mikendry ny hizara maimaim-poana manerana izao tontolo izao ny fahalalana, ao anatin'izany ny fahalalana siantifika sy teknika. Fanomezana avy amin'ireo malala tànana no ampandehanana ity fikambanana ity, ka anakaramana mpandika teny 150 euros (taona 2006) - ny saran'ny fandefasana ny vola any amin'ireo mpandika teny ireo dia raisin'ny fikambanana an-tànana avokoa. Maro ireo mpandika teny, ary mitombo araka izany ny isan'ny boky voadika (fiteny 18 tamin'ny taona 2005). Ity boky pdf ity dia azo ampiasaina malalaka, na amin'ny ampahany na izy manontolo, azon'ny mpampianatra atao fitaovana fampitana lesona, nefa tsy ekena ny manao fitadiavam-bola amin'izany. Azo apetraka any amin'ny trano famakiam-boky monisipaly, na any an-tsekoly, na any amin'ny oniversite amin'izay endrika mifanaraka amin'izany (printy na ampiasana solosaina fifandraisana Intranet).
Efa nanomboka ny asa mikendry hamenoana ireo antontam-boky ireo koa ity mpikaroka ity, amin'ny famokarana boky misy tantara an-tsary mora vakiana (ho an'ny ankizy 12 taona). Efa an-dàlana ihany koa ireo boky « miteny » izay natao indrindra ho an'ny olona tsy mahay mamaky teny sy manoratra, ary boky amin'ny fiteny roa karazana ho fianarana tenim-pirenena vahiny miainga amin'ny fitenin-drazana.
Ny fikambanana dia tsy mitsahatra mitady mpandika teny avy amin'ny firenena mampiasa ny fiteny hamadihana ny boky, ary manana fahaizana teknika hahazoany manao izany ho lavorary.
Raisina an-tànan-droa koa ny fanomezana (seky atao amin'ny anaran'ny "Savoir sans Frontières"). Ny fidiram-bolan'ny fikambanana ny taona 2006 dia hatokana amin'ny fandikana boky.

http://www.savoir-sans-frontieres.com

# Jean Elysé Rajaofetra



J'ai 33 ans et je suis gestionnaire comptable. En dehors de cette profession, j'ai déjà eu de modestes expériences en traduction dans les langues malgache, française et anglaise. Cette nouvelle exploration avec Savoir sans Frontières m'a permis d'étendre mon horizon et surtout de me retrouver dans l'âme de mon peuple – selon l'expression de Jean-Pierre Petit.
J'ai aussi une passion, c'est que je m'adonne particulièrement à l'art et à la science. Et dans ce sens, j'ai imaginé depuis quelques années, alors que j'étais membre d'une association d'artistes plasticiens, de mettre sur pied un projet d'exposition alliant l'intelligence à la beauté. Ce projet serait baptisé *Plasticième Dimension*.
Enfin, je tiens à remercier une amie, Alice Courvoisier, chercheur en astrophysique théorique à l'université de Leeds en Angleterre, pour m'avoir encouragé à entreprendre cette traduction. Alice est également une fervente admiratrice de la Grande Ile.

Ny fitantanana sy ny fandraharahana no toerana misy ahy eo amin'ny asa amandraharaha. Efa nisy koa anefa ny fotoana nahazoako nampiasa ny fahalalana hany nananako teo amin'ny sehatry ny fandikana tenim-pirenena, ary ity fiarahana amin'ny fikambanana antsoina hoe Fahalalana tsy misy Fefy ity, dia tena mahafinaritra tokoa. Maro ny zavatra hitako sy norantoviko avy amin'izany teo amin'ny fanabeazam-boho ny tenindrazako. Ary araka ny tenin'i Jean-Pierre Petit, filohan'io fikambanana io, dia "fanahin'ny olona ny teny". Izaho koa dia mpandàla ny zava-kanto sy ny siansa, ary efa nieritreritra ny hanomana hetsika fampirantiana ho fanehoana ny fifandraisan'ireo taranja roa ireo.
Dia misaotra manokana an'i Alice Courvoisier koa aho etoana, noho ny fampirisihana ahy mba handika amin'ny fiteny malagasy ireo tantara an-tsary ireo. I Alice moa dia mpikaroka ambony momba ny astrofizika any amin'ny oniversiten'i Leeds, any Angletera, sady tia mitsidika an'i Madagasikara.

**rajaofetra@hotmail.com**

# SASIN-TENY

Indray andro hono tany Borderia...






# NY FIFANAKALOZANA






Nefa dia sakafo tsizarizary no mba omeny ahy. Ka inona moa no azoko atao eo ? Ny fokon'ny Kroumirs no tompon'ny renirano, ary izaho dia Teuhl. Araka ny **LALANA**, ny Kroumirs ihany no afaka mitrandraka ny renirano nomen'ny andriamanitra Kefal.
Ieee ! misy tahaka izany koa any aminay any Borderia.
Inty !
Dia tahak'izay ny fizotran'ny fiainana. Ny Borderiana izay nahay nanefy tavy dia nanakalo trondro izany tamin'ny Kroumirs. Ny Polaks avy any atsimo indray nitondra sira. Dia afaka nitahiry trondro tao anaty tavy ry zareo rehefa voaisy sira izany. Izay no nahatonga ny fifanakalozana tamin'ny Polaks. Ary ny Polaks indray koa dia sahala amin'izay...
INDRAY ANDRO...
Manorisory ahy ity rohana ity ! Ialahy no mankany amin'ilay Kroumir, miaraka amin'ny tavy hatakalo. Kanefa izao : hampianariko **MANISA** aloha ialahy, sao dia voafetsiny any.
hampianarina inona ah !

# NY FANISAM-BOLA




# NY NAHATERAHAN'NY VOLA








(*) Fomba noraisina taty aoriana elabe tany amin'ireo tanàna mediteraneana sasany.


# NY VAROTRA


Sady maivana koa aloha ilay izy e !
Ilay Kroumir iny ve no nanome an'ialahy ity ?
Eny hoy aho, sady nilaza koa izy fa mitovy ihany ny sandany, ary azonao hamarinina ety amin'ny manodidina izany.
Tandremo sao dia mandainga amiko an !
Tena tsara ! ireo Tayaks eto anilantsika, izay tsy niraharaha ireo tavy tanimangako, dia tena liana tokoa tamin'ilay trondro vy. Nanjary nahazo volom-biby fitafy sy hena koa aza aho takalony.
Miampy ity karazana fanafody hafahafa ity ataoko amin'ilay fanahy mpamely tongotra.
Mandaitra kosa koa !




# NY FANDROSOAN'NY FANJIFANA




Wall ô ! miha-mavesatra izay tsy izy ireto entana ireto marina !
Hmm ! hafa indray ity. Toa lasa nisy soratsoratra indray ireto trondro kely vy marina !
Ah ! tsy fantatrao angaha ?
Ny Polaks avy any atsimo dia niady tamin'ireo izay tandrify azy.
Nanao izay nahatezitra ny mpanjaka NUMIS izy ireo tamin'izany, ka
nofaiziny, hany ka nanjary teo ambany fahefany avokoa ny firenena manontolo.
Ary hitany koa fa hafakely ilay hevitra amin'io trondro kely vy io,
dia notanany avokoa ny toeram-pitrandrahana sy ny toeram-panefena rehetra.
Dia izy ankehitriny no tompo-marika sady mitana ambongadiny io raharaha io.
Ahitana ny tombokaseny manokana ny tsirairay amin'ireo trondro kely.
Ah ! fa izao : izay rehetra misehoseho manamboatra tahaka io dia aripany avokoa !
AAAHHH!

# NY ANKAPOBEM-BOLA



I Anselme indray dia tsy maintsy nanamboatra tavy tanimanga tsy tambo nisaina ho an'ilay Xbreuh tany Borderia.





(*) $12 \times 12 \times 12 = 1728$
(Ny tànana iray dia manana taolan-drantsana roa ambinifolo.)





Fa inona no nahazo anao tompoko ?
Tsy mila ireny trondro vy ireny intsony hono ireo Tayaks e !
Niampita arak'izany ny toe-draharaha...
Ireto ny tavy ho anao. Nefa trondro TENA IZY no ilaiko !
Na ndeha atao hoe : omenao sila-by inefatry ny tànana aho ho takalon'ny tavy iray...
Inefatry ny tànana hoe e !?! Fa ianao ve rangahy ity efa lasa adala ah !
Afaka fotoana fohy :
Hanafatra entana aminao ny mpanjaka.
Lazao amin'ny mpanjakanao fa...
Inona tsara ity lazainao, ry miaramila ? Sila-by inefatry ny tànana atakalo trondro iray !!!
Omany ny hazo maranitra !
Ry mpanjaka, aleo ihany mitony aloha, fa tsy mitondra vahaolana izany.
Aleo miheritreritra tsara izay nahatonga izao toe-javatra izao.
Ny Polaks avy any atsimo no namorona ity zavatra antsoina hoe VOLA ity. Toa mety amin'ny fiainantsika mihitsy izy ity, saingy misy lafiny tsy voafehintsika.




Tany amin'ilay Kroumir indray, ny fampiasan-kery nampiharin'ny mpanjaka NUMIS dia niteraka zavatra hafa :



# IZAY TSY AHITANA FIRY DIA LAFO VIDY




Inona ?
Anaovana vola !
Dia nisy TSIFIOVAOVANA ARA-BOLA naharitra tamin'izany tany izany. Nanjary nipetraka ho mpanelanelana tsy azo niodivirana teo amin'ny FIFANAKALOZANA ny vola. NOHARIANA, nangonina, dia lasa TAHIRY.
Nandroso tsikelikely ny varotra. Ilay Xbreuh avy any Borderia dia naharesy lahatra ireo Tayaks ihany hividy tavy tanimanga aminy, ka nanokatra LALAM-BAROTRA ho an'ny FAMOKARANA ataony, TSENAM-BAROTRA vaovao.
Ny mpanjakan'ny Tayaks koa dia nanomboka nankafy fanjifana entana. Tamin'izay nanakalozany hena azo tamin'ny fihazana dia afaka nividy zavatra mahafinaritra maro isan-karazany izy.

# NY BANKY


Noho ny fiahiany mba hitsitsy ny volan'ireo vahoakany, ary hialana amin'izay mety hisian'ny fanirian-dratsy, dia nanapa-kevitra izy hametraka ireo vola ireo amin'ny olon-tsotra iray mpifanila-bodirindrina azo itokisana, izay nanaiky ny hitahiry ireo amin'ny toerana azo antoka. Misy hofany kely kosa nefa.

# NY FIAKARAN'NY VIDIM-PIAINANA AMIN'NY ALALAN'NY TINADY













# NY FIAKARAN'NY VIDIM-PIAINANA NOHO NY SARA



AFAKA FOTOANA VITSY TATY AORIANA













Indray andro...





Hmm, haiko fa iny vehivavy miasa eny amin'ny farihy iny no nambosika izany tao andohan' ialahy !..
Araka ny reko, toa hoe nanangana " koperativa " na sahala amin'izany hono ry zareo any !
Mila karama golbara 5 isan'andro aho...
...ary fialan-tsasatra iray andro ao anatin' ny herinandro.
Golbara 5 isan'androoo ! Ny hamono ahy angaha no tadiavin'ialahy !
Tian'ialahy ho potika mihitsy ny amintsika a !
Tian'ialahy hosimbana tanteraka ny tsena? Ny nafta ity efa tsy maintsy aloako nefa ny vidiny tsy mitsaha-misondrotra!
Dia ahenao ary ny fisotroanao... fanafody e !
Golbara 5 isan'andro
Tena nofy ratsy ity iray razako !
Izao e ! raha miasa mafy ialahy, dia tena ho tsara amin'ialahy aho..
Tsia, golbara 5, izao dia izao !
Fa hataon'ialahy inona daholo nefa izany vola izany ?
Hividianako lobaka sy savony !



Aaah, 'zay izany ve e ! Ny haitraitra no mahamaika, avy eo manaraka ny fidorohana sy ny filan-dratsy !
Mahalikiliky ahy mihitsy ianao ity ka ! LOBAKA anie no ilaiko e !
Tomponandraikitra amin' ny fitondran-tenanao aho eo anatrehan'i Wall.
Miaro an'ialahy amin'ny tenan' ialahy aho !
Izay izany no izy fa dia ataovy irery eo ny anao !
Fitiavan-tena izany ! Izy anefa nohasoaviko sy nomeko hanina...
Ah ! Ny fanafodiko !
Vao mangiran-dratsy:
Anselme, midina faingana ! Mila vitaina ny aro-sefo ho an'ny Borotsiana, fa ho avy eo ry zareo rahampitso...
Golbara 5 isan'andro, ary fialan-tsasatra iray andro amin'ny herinandro no ilaiko !





# NY FIFANINANANA







Io vokam-pikarohana io, izay **FAMORONANA ARA-TEKNOLOJIA** , dia nandrava ny asa manontolon'ilay Xbreuh avy any Borderia tao anatin'ny fotoana vitsy monja...




# NY TSENAN'NY ASA





Nandritra ny nandalovan'i Lanturlu ny lalan-tsarotry ny **TSIFANANAN'ASA,** Sophia kosa dia teny amoron'ny farihy...









(*) ka ny zavatra rehetra: famokarana, karama, vidin-javatra, fanjifana, dia eo ambany fifehezan'ny fanjakana (mifanohitra amin'ny toe-karena malalaka).




Haiko tsy an-jery daholo izany. Ny ray ao ambony mahalala raha faniriako ny nisian'ny fikomiana. Ary rehefa novonointsika ilay Kroumir, dia tsy mba nitomany azy izany aho. Ka ahoana ary no ataonao mba tsy hisian'ny vondron'olona tsy mahefa na inona na inona, sady kamo no tsy misy hazon-damosina ... nefa manana fieritreretana politika avo lenta. Dia nahoana izy ireo no mahazo ny rambon-trondro fa isika ny lohany ? Inona daholo ny anton'izany **TOMBON-TSOA** rehetra izany ?
Ny foto-pisainanao mitotongana no manajamba anao. Mila mijery ny ankapobeny, fa tsy mifantoka amin'ity tranga tsirairay ity akory.
Any ambadiky ny havoana any izao, any Borderia, ny manjaka dia ny OLONA MIFETSY OLONA.
Ny aty kosa dia ny mifamadika amin'izany !
Tafahoatra mihitsy ity lazainao ka ! Handefa tatitra ny aminao aho !..
any amin'ny **RAIN'NY VAHOAKA** !

TANY AMIN'NY MPANJAKA NUMIS :






Mora tenenina ery izy izany ...
Inty misy lehilahy voaheloka. Ary tsy mitsitsitsitsy mihitsy ry zareo izany a ! Azo heverina fa tena goavana ny heloka vitan'ilehio.
Fa inona ny helok'ity lehilahy ity, ry Dekariona ?
Seky tsy misy petrabola !
Ny olona sasany dia mametraka ny volany any anaty lavabato amin'ny toerana azo antoka. Ny indro kely dia tsy mivezivezy intsony ilay volamena, ka tsy azo ampiasaina intsony.
Dia voafetra ny fifanakalozana !
Dia nisy nanana hevitra tahak'izao: soratany eo amin'ny sombin-koditra kely ny hoe "ho fandoavana golbara vitsivitsy na maromaro"; dia avy eo soniaviny. Io no antsoiny hoe **SEKY**. Ny lalàna dia manameloka ho faty izay manome sekimbola mihoatra noho izay golbara ananana ao an-davabato, atao hoe **BANKY**. Azo atao arak'izany ny mandoa vola amin'ny alalan'io sombin-koditra io.
Ary dia lasa ny olona avy eo mandeha any an-tendrombohitra manakalo ireo sombin-koditra amin'ny tena golbara volamena.
AAAAGHH!
Misaotra anao aho ! Ndehana ary miala sasatra amin'izay ! Sady hitako fa nitsemboka mihitsy ianao nanazava izany tamiko.





# NY VOLA TARATASY




Amin'ny voalohany dia horaisintsika ireo volamena ananan'ny olona, ka hotehirizintsika ao amin'ny bankintsika, dia sady hampirisihana koa izy... Ho takalony dia homentsika taratasy misy ny soratra hoe "ho fandoavana golbara vitsivitsy na maromaro" ry zareo. Avy eo hataontsika izay fomba tsy hisian'ny vola hafa mifamezivezy afa-tsy io taratasy io ihany.
Kanefa ... tsy mampitombo ny harenantsika anie izany e ! ?
Ah, andraso ... hitako, manomboka takatro ny tiana ambara.
Halefantsika hiparitaka koa ireo golbara taratasy ireo. Hisy vola taratasy mihoatra lavitra noho ny golbara volamena mazava ho azy.
Hmm... Hita mihitsy fa nihen-danja ny golbara volamena, nefa iza moa no hahatakatra fa hanaparitaka ity VOLA TARATASY ity isika ?
Ity vao tena hoe seky ts'isy anto-bola goavana hana-tantara tokoa.
Vola ho an'ny gidro e !
... oay leity e !
Hmmm ?!..
Ha an an ka !..



Andraso kely: raha manaparitaka golbara taratasy be loatra isika, dia tsy maintsy hanontany tena ny olona. Ary raha toa ka tena be loatra aza dia tsy haharaka intsony ny takalo amin'ny golbara volamena raha amin'ny fotoana iray izany no atao, ka tsy ho voatazona intsony ny **FITOVIANA.**
Fanamarihana: azoko hatao foana ny mandà ny fanakalozana...
Mety hampikotaba ny olona izany, ry mpanjaka: ho very tanteraka ny **FAHATOKISAN**'izireo ny **VOLA TARATASY** antsika.
Raha manaparitaka golbara taratasy indroa avo heny amin'ny isan'ny golbara volamena isika, dia tsotra: iray no atakalo roa.
Ho ratsy fijery ny olona, tompoko...
Hitako! Izao no ndeha hatao: rehefa mametraka aty amintsika ny golbara volamenany rehetra ny olona dia harendritsika ireo !
Dia ahoana avy eo?
**VOLAMENA** tsotra be izao fotsiny...


Dia toy izany no niatombohan'ny tantaran'ilay seky tsy nisy anto-bola goavana indrindra voalohany tao amin'ilay fanjakana. Nizotra tsara araka izay noheverina. Dia nitondra ny golbara volamenany ny olona, ary dia narendrika avy hatrany izany, ka tsy heno intsony mihitsy ny aminy. Nanonta vola taratasy marobe ny mpanjaka Numis, ary nividy entana maro izay tratrany tetsy sy teroa ny olona. Mazava ho azy fa niakatra ny vidin'entana, ny volamena koa tahaka izany. Rehefa nihalafo vidy toy izany ny entana dia tsy niraharaha ilay vola borderiana teo aloha intsony ny olona.
Io asa izay mety nahatonga ny olon-tsotra Borderiana ho voahantona ho faty io no nomena anarana hoe **FIHARIAN-KARENA**.
Golbara Dimam-polo
50
BANKIN'I BORDERIA
387056
Mazava loatra fa nohelohin'i Numis ho faty izay olona nitady hampiasa **FIHARIAN**-KARENA ho an'ny tombon-tsoany manokana.


Teo aloha, mba hakana ny volan'ny olona, dia tsy maintsy nampandoavina hetra mavesatra izy ireo.
Argh !
Fomba bontolo, tsy mihaja.
Nohazonin'i Numis ihany ny fametrahana ny hetra, saingy rehefa azony natao kosa ny nanabontsina ny **ANKAPOBEM-BOLA**, satria izy no afaka mifehy ny **FIAKARAN'NY VIDIM-PIAINANA**, dia tsy mba nahantra vola taratasy mihitsy izy. Mazava loatra fa tetsy andaniny ny vidin'entana dia nidangana izay ts'izy.
Kanefa ny fiodin'ny toe-karenan'i Borderia, izay tafiditra tao anatin'ny **FOTOANAN'NY INDOSTRIA**, dia niroborobo fatratra. Natsangana nanerana ny fanjakana ny orina'sa isan-karazany, niasan'ireo borderiana, nandraisana karama. Numis sy ny fianakaviany no tompon'ny ankamaroan'ny orinasa, novidina na naorina tamin'ny ... vola taratasy.


Rehefa niakatra toy izany ny vidin'entana, dia nitaky fisondrotan-karama ireo mpiasa. Niteraka tsy fankasitrahana mahery vaika sy matetika avy amin'izireo izany.
TSY MISY KARAMA AMBANIN'NY GOLBARA 100 !
VONOY E !!!
SPLAM
Ny fanotam-pirinty, haingana…
Dia nihevitra ho mpanam-bola ny vahoaka nandritry ny fotoana elaela.
Ah ! Nanome golbara ihany no niafarany ka !
Nandresy e ! nandresy !


Dia lasa nitety ireo tsena ny olona mba hividy entana.
Te-**HAMPIDANGANA NY TOMBOMBAROTRA** ireo mpivarotra, ka dia nampiakatra ny vidin'entana nony hariva ny andro.
800 G
900 G
Raha mbola mitady hatrany ny olona, dia mora izany ny vidiny. Izay no lalànan'i Wall !
Dia aza adino koa ny mikaonty ny karaman'ny mpanampy, izay vao nakarina.
Arakaraky ny mampiova azy no ijanonany ho tahaka ny teo aloha ihany.
Tsy azoko !
Golbara roanjato ! Folo taona lasa, dia dimy ihany no azoko !
Fa hitanao ve ny vidin'entana ?
900 G


Inty vanin'andro misy antsika !
Asa re, mitondra mankaiza izao zavatra rehetra izao !
Rtoa SOPHIA
Ody Fitia
Isan-karazany
?
Sophia !
Anselme !
Fa inona izato ataonao ?
Tsy hitanao nihavao angaha aho !
Niofana tamin'ny siansa "mirazotra" aho.
Fa maninona anareo ny parapsykolojia ?
Raha azoko tsara ... dia famosaviana ?
Tonga dia vavany ny anao izany an !



Miafina daholo izay atao hoe siansa.
Hmm...
Mivarotra fampatoriana aho... fampitoniana, vitamina, nofinofy ...
Dia mandeha ihany ve ?
Tsy misy mampitaraina ahy aloha e !.. tamin'ny fotoana tsy nisian'ny sakafo, dia nampiditra golbara enina hetsy aho.
Golbara enina hetsy !
Dia ... mino ireto ve ianao ?
SIANSA POLITIKA
KEYNES
IZAY ILAIN EKONO
NY RENIVOLA
Hainao ihany fa tsy maintsy manana izay hivelomana koa...



Na manan-karena na mahantra, tsy dia midika inona izany rehefa misy fotsiny ny vola.
AH ! AH ! AH !
Eto amin'ity fiainana efa lo ity, dia zavatra iray ihany no tena ambony noho ny vola...
Tsy azonao an-tsaina ve ?..
Tsia...
FOMBA FIADY AMIN'NY VIDIM-PIAINANA
Ah... haiko ka !
FOMBA FIADY AMIN'NY VIDIM-PIAINANA
Izay ilay izy !
Aleo asiana voaly takon-kenatra eto amin'ity ampahan'ny tantara ity aloha...


Ny ampitso marainan'iny :







(*) Alsimista malaza.


Sophia ?
Inty aho...
Fa mba aiza loatra isika izany e ?
Tsy niova toerana akory isika. Noheverin'ilay Anselme kevo-dahy ratsy io ho dite mantsy ilay ravina **FIOTORÔDENDRÔNA**, ka izany no nihovantsika vanim-potoana tahak'izao ?
Oadray, ireto karazana milina marina !
F'angaha tsy mbola nahita **MILINA EKONOMIKA** mihitsy ianareo ?
Fa ... iza izao miteny izao ?
Izaho ka ! Izaho no dokotera Tirésias. Ekonomista aho ...





(*) Avy amin'ny teny grika ERGOS : asa

# LALÀNA VOALOHANY MOMBA NY FLOZÔDYNAMIKA







Ny hafainganam-pihodin'ny paompy **FAMOKARANA** dia ny **TOLOTRA**; raha ny **TINADY** kosa no maneho ny an'ny **FANJIFANA**.
Rehefa mifandanja ireo hafaingana roa ireo, na miara-miova, **MIARA-MISEHO** tsara, dia mitazona ny hakitrony ihany ilay **FLOZY** : **TSY MIOVA-OVA** ny **VIDY**.
Rehefa "misintona loatra" ny paompin'ny **FANJIFANA** sady tsy maharaka intsony ny **FIGADON'NY FAMOKARANA**, dia migedra-gedra ilay **FLOZY**; mihena ny hakitrony, ary **MIAKATRA NY VIDY**.
Andraso...
FAMOKARANA
FANJIFANA
Dia manjary mikitroka kokoa ilay **FLOZY** : **MIHENA** ny vidy.
Ary raha hoe tsy mitombo fa **MIHAMIADANA** ny fanjifana ?
Mitovy amin'izay koa rehefa tsy miova ny fandehan'ny **FANJIFANA**, ka mihamiadana ny **FAMOKARANA** : migedragedra ilay **FLOZY** ary midangana ny vidin-javatra. Rehefa mihafaingana ny **FAMOKARANA**, dia tsindrin'ny **AMBIM-PAMOKARANA** ilay **FLOZY** ary **MIDINA** ny vidin-javatra.
FAMOKARANA
FANJIFANA



Arak'izany, ny vidy dia voafetra HO AZY arakaraka ny fifandraisana misy eo amin'ny FANJIFANA SY NY FAMOKARANA, ary koa eo amin'ny TOLOTRA SY TINADY.
Misy LANJANA ERGOLA voafaritra isan-tsegondra mandalo eo anatin' ny paompy FAMOKARANA. Io VEZIKA-LANJA io dia mitovy amin'ilay mandalo eo amin'ilay paompin'ny FANJIFANA ihany.
Ary ny fifandraisana misy eo amin'ny TOSAKA ARA-KADIRY sy ny TOSAKA ARA-DANJAN'NY ERGOLA, izay mitranga eo anatin' ny paompin'ny fanjifana, dia antsoina hoe : TAHA-BIDY.
Ndeha hojerentsika akaiky ity MILINA EKONOMIKA ity.
Toa milina manana hetsika lalandava izy izany koa !
FITAOVANA FAMOKARANA
MOTERAN'NY FANJIFANA
HIDIM-PANTSON'NY KARAMA
TAHA-BIDY
TIORBINA + DYNAMÔ
OLIKA FIZARANA
AMPERAMETATRA ANDREFESANA NY FAHEFA-MIVIDY




# LALÀNA FAHAROAN'NY FLOZÔDYNAMIKA



# SEHATRA MAHAVOKATRA SY TSY MAHAVOKATRA




# NY TAHAM-PAHAVOKARANA





Mba hampitomboana ny hetsika ekonomika, dia azo atao ny mampitombo ny **LANJANA ERGOLA**, izany hoe ny **HABETSAHAN'NY ASA OMENA.** Zava-dehibe koa nefa ny manatsara ny fomba hampiasana, hizarana io asa io : **TAHAM-PAHAVOKARANA.**
Ieee, aleo mivadika amin'ny fampiasana milina lehibe sy maoderina kokoa, izay ahitana fantsona be savaivo sy mpitondra rianaratra manana habe matanjaka, toy izay mampitombo avo roa na telo heny izay efa napetraka teo aloha.
Fa misy zavatra mbola manitikitika ahy ity : inona no mametra ny hadirin'ny **FLOZY** ao anatin'ilay milina ekonomika manontolo ?


# FITOMBOAN'NY HARINKARENA SY ANKAPOBEM-BOLA

Ny **TENA** toetry ny **RAFITRA EKONOMIKA** iray dia voafaritry ny **LANJANA ERGOLA** mikoriana ao aminy. Izany moa dia ilay ampaha mikitroky ny **FLOZY**, na **HERY ENTI-MIASA**, miampy ny **HAFAINGANAM-PIKORIANA** an'io **ERGOLA** io. Inona ary no mitranga raha manampy **SINGA ENTI-MAMOKATRA** iray vaovao ?





Io karazana fiasana enti-mamokatra io dia efa vonona miaraka amin'ny **ERGOLA** mahafeno azy. Izany indrindra no mahatonga ny fiakaran'ilay **HERY ENTI-MIASA**, ka mitady hampiakatra foana koa, mazava ho azy, ny **HAKITROKY NY FLOZY** (dia mampihena ny vidy). Ara-dalàna noho izany ny fanampiana tapoakan-drivotra misimisy, izany hoe mba hampiakarana ny **HADIRY ARA-BOLA** sy hitazonana ny **TSIFIOVAOVAN'NY VIDY**.



Ary ... ataoko fa manampy tapoakan-drivotra misimisy kokoa hatrany ianareo any ambadimbadika any, Sa ..? Dia izay no dikan'ilay fampiakarana moramora ny karama mba hifanaraka amin'ny zava-misy.



Ndeha hatao hoe ao anaty ambaratongana fandrosoana iray isika. Max ! Ianao no hilalao ny anjara-toeran'ny mpikarama amin' ny sehatra mahavokatra. I Albert dia ny sehatra tsy mahavokatra.
Tsy mahavokatra a ?
Eny e ! ny RAHARAHA sy ADMINISTRASIONA.
Eny ary, nisy singa enti-mamokatra vaovao nampidirina eo anivon'ilay milina ekonomika. Mandeha tsara izy izany. Mitombo roa ambin'ny folo bara ny eo amin'ny mpanondro ny tsindry ekonomika.
Ny fampandehanana io singa io dia manome ASA, ka mampihena ny TSIFANANAN'ASA. Amin'izay nefa dia ho mafy ny fitakiana fisondrotan-karama.
KARAMA
Dia mitaky fampitomboana ny tosaka isika !
Okay, iny fa alefako ny fampitomboana ny tosaka.
Ny VIDY ... izay! ... moramora ...
Miakatra ny vaika. Tsy dia misy very loatra ao amin'ny OLIKA FIZARANA.
Miakatra ny tosaky ny ERGOLA anaty paompy fizaràna. Mihatsara koa ny FARI-PIAINANA.





# NY FAMPIASAM-BOLA



# NY RENIVOLA, NY TOMBONY, NY HETRA, NY TAHIRY






Ny fikorianan'ny **FLOZY** dia voaporitr'ireo karazana very avy amin'ny tambatra isan-karazany sy ireo fizarazarana fototra marobe isan-tsokajiny. Ary aty ambanin'ilay paompin'ny famokarana, dia manodina tiorbina mivady amin'ny fitaovana mpiteraka angovo iray avy hatrany ilay **ERGOLA**. Misy ampahany amin'io angovo izay azo teo io ampidirina ao anaty olikana tambatra iray antsoina hoe : **TAMBA-TSARA ARA-TSOSIALY**. Ny ampahany iray hafa dia mankany amin'ny **SARAM-PAMOKARANA**, ary ny ambiny kosa hanafanana ny fandoman-tongotr'andriamatoa **MPAMPIFLOZY**.



Inty, eto andaniny atoa MPAMPIFLOZY...
Etsy ankilany kosa ny oliky ny **TAMBA-TSARA ARA-TSOSIALY**
ANTOKA ARA-TSOSIALY
FISOTROAN-DRONONO
FANOMEZAM-BOLA HO AN'NY ANKOHONANA
TSIFANANANA ASA
KAPITALY
Dia tehirizin'i MPAMPIFLOZY ao anaty vazin'itatra iray ny **FLOZY**, ka manjary mamadika ny angovo ara-kalakin'ny **ERGOLA** ho tonga angovon'aratra : ny **KAPITALY**.
TOMBOMBAROTRA AFAKA HETRA
TAHIRY
FAMPINDRAMAM-BOLAN'NY BANKIM-PANJAKANA
FAMPINDRAMAM-BOLA
FAMPIASAM-BOLA
MANKANY AMIN'NY FAMORONANA SY FANATSARANA HO MAODERINA



Ny **TOMBOMBAROTRA AFAKA HETRA** sy ilay antsoina mahazatra hoe **TAHIRY** no mamatsy ny kiovan'ny **KAPITALY**.
Mifamadika amin'izay indray nefa, ny **FLOZY** ao amin'io vazin'itatra io dia azo alefa mankany amin'ireo tiorbina roa izay mivady amina fitaovana mpamokatra angovo. Ny iray dia mamatsy ny miliko, ilay milina famoronana sy fanatsarana ho maoderina. Ny iray hafa kosa no antsoina hoe **FAMPINDRAMAM-BOLA ARA-BAROTRA.**
Ankoatr'izany, ny SINISTRY NY VOLA dia manana kesy sahala amin'io kiova io, izay vatsiany amin'ny alalan'ny hetra. Misy karazana HETRA vitsivitsy alainy mialoha amin'izany; ny HETRA AMIN'NY TOMBOMBAROTRY NY ORINASA aloha, avy eo ny HETRA MIVANTANA, AVY AMIN'IREO FIDIRAM-BOLAN'NY OLONA, ary farany, aty ambonin'ny PAOMPY FANJIFANA, ny HETRA TSIMIVANTANA, ohatra hoe ny HABA ALAINA AMIN'NY VIDIN'ENTANA (TVA).
KAPITALY
KESIM-PANJAKANA
FANARAHANA NY FAMPINDRA-MAM-BOLA
HETRA
TAHIRY
FANDANIAM-BOLAM-PANJAKANA
VOLA FANAMPIANA
FINDRAMAM-BOLAM-PANJAKANA
HETRA AMIN'NY TOMBOMB
HETRA AMIN'NY FIDIRAM-BOLA
HETRA TSIMIVANTANA
Fahantrana...



Indreto ary ireo FANDANIAM-BOLAM-PANJAKANA.
FAMPIANARANA - FIKAROHANA
FOLOALINDAHY
RF
SOSIALY
KALESIN'NY FANJAKANA izao io e ?
Ary mba ahoana no fandehan'ny TAHIRY sy ny FAMPINDRAMAM-BOLA ?
Ara-poto-kevitra, ireo vazin'itatra, izany hoe ny KAPITALY sy ny KESIM-PANJAKANA dia manana rafitra ahafahana manaraka ny FAMPIFANARAHANA ny fandehany. Hitantsika teo fa ilay MILINA EKONOMIKA dia manana toetra MIOVAOVA, satria eo amin'ny FAMOKARANA sy ny FANJIFANA dia misy fifandrohizana mandrakariva, ary ny milina amin'izay dia miraika mankamin'ny fihodinana mafy tsy miato, ka mampiakatra ny VIDY.
Dia taomina ny mpiasa mpikarama mba hametraka ny FLOZIn'izireo ao anatin'ireo vazin'itatra roa ireo...





(*) Banky tsimiankina, aksiona.

FOTOANA FOHY TATO AORIANA ...




Ny tena **FANDROSOAN'NY HARIN-KARENA** dia tsy ny fiakaran'ny hadirin'ny **FLOZY** mifangaro akory, fa ny habetsahan'ny **ERGOLA** ao anatiny. Dia toa izany koa, ny fiakaran'ny **FARI-PIAINANA** dia tsy ny **TOSAKA** (karama), fa ny **VAIKA** (**FAHEFA-MIVIDY**).
Tsy misy fomba ahafahana mametraka mitokana ny FLOZY izay ananana angaha ?
Raha te-hitahiry azy ianao, mba TSY HIOVA NY LANJANY, dia tsotra ihany ny ataonao : **MAMPANDRY** azy.
Hevitra tsara be ! Aleo izany ampandriana daholo izay azo ampandriana mba hialana amin'ny **FIDANGAN'NY VIDIM-PIAINANA**, izay tena manimba ny harin-karena tokoa.
Fa dia vita hatreo koa anefa ny amin'ny **FLOZY** raha izany no izy; Ny antony ampiasana ny FLOZY dia noho izy io **MANANA TOETRANA RANOKA**. **NY FAMPANDRIANA IREO RENIVOLA** dia manakana tanteraka ny fihodinan'ny milina ekonomika.






(*) **NY FIHARIAN-KARENA IFANDRAISANA AMIN'NY FIRENEN-KAFA** dia horesahina amin'ny boky hafa : **INFLATRÔNA IRAISAM-PIRENENA.**


# NY DONA ARA-TSOLITANY





Ô ry zalahy a ! Mihena izany fihodinan'ny milina izany, sady milatsaka be ny tsindry.
Fa misy inona ?
Nakaton'i Mpampiflozy avokoa ireo singa enti-mamokatra tsy MAHOMBY rehetra.
Mitombo ny TSIFANANANA ASA.
TSIFANANANA ASA
TSIFANANANA ASA
TSIFANANANA ASA
Inona ity ataonao ?
Aleo mividy dieny izao, fa hiakatra ny vidin'entana. Nampiasaiko daholo ny TAHIRY, ary MIHINDRAM-BOLA koa aza aho.
Fa inona no ataon'i Mpampiflozy ?
Toa hoe mampiditra rivotra moramora ao anatin'ilay kiovany izy io (FISONDROTRY NY VIDIM-PIAINANA AMIN'NY ALALAN' NY FAMPISAMBORAM-BOLA).
Izany hoe ... manao ... vola ... sandoka i Mpampiflozy ?
Tsy dia izany loatra... Fa io FOMBAN'ASAN' NY BANKY io, ny taratasy, ny fanekena amin' ny fampindramana... ireo rehetra ireo dia toa mahalasan'eritreritra ihany, fa sahala amin'ny vola mandehandeha. Raha loarana ny kiovan'i Mpampiflozy indray andro any, dia hahita ny tsy fahita isika...


Ny fihazakazahana aty amin'ny **FAMPINDRAMAM-BOLA** sy ny fialan'ny **FAHATOKISANA** no nampirongatra ny **FANJIFANA,** ka nanjary **NIDANGANA** ny vidy...
Tsy maintsy atsahatra io hazakazaka io.
Diso tafahoatra ny **FLOZY** ampindramin'i Mpampiflozy ny olona. Izaho koa anefa mba mampindrana azy ihany koa...
Samy mampindrana daholo izany ny olona rehetra ?
Ah, hainao fa feno rivotra anie amin'izany fampindramana izany e !
Hahenako mihitsy ny fampindramako azy, mba tsy hampindramany fahatany etsy sy eroa, fa mba hieritreritra tsara aloha izy vao mampindrana...
Eh, ary ahoana ireo vola ampiasaiko !!
Izay ! Vita milamina aloha ny amin'iny raharaha momba ny fampindramam-bola iny. Ny **KESIMPANJAKANA** nefa ity miha-ritra fatratra...
Inona ary no azo atao ? Mampitombo ny hetra mivantana ?... Sa ny hetra ... tsimivantana ?... Ny hetra alaina amin' ny tombombarotry ny orin'asa ?...
Ny hetra rehetra ...



Mitaky fampiakarana ny tosaka izahay !
Andriamatoa **SINISTRA**, milatsaka be ny tsindry ao anatin'ireo fantsona mpitondra. Manondro ambany ny **BAROMETATRA**.
Kely sisa dia ho foana ny kesy !
Fa inona ity nahazo ahy ity marina mafy !?!
FISEHOSEHOANA
Ny kesim-panjakana no mampandeha io takamoa goavana be io.
Tonga dia hitan'ny olona avy eny lavitra eny isika amin'izao !
FISEHOSEHOANA
Vonoy faingana io raha tsy te-hahita loza eto isika mianakavy !
Ampitomboy ny tosaka, raha tsy izany dia hajanonay ny **TOTOFOTSY** !
Eny ary e !... Izao dia izao...
Fara-hevitra sisa tavela.



Manao inona ny SINISTRA izany ?
Mametaka ireo kiovabeny hiaraka amin'ny olika mitondra ny FLOZY izy.
dia vatsian'ireo ny KESIM-PANJAKANA
Mba goavana koa ireto tahiry fiandry ! Tsy nampoizina, nefa manome toky. Ary inona nefa ny ao anatiny ?
Tsy fantatro mihitsy.
Ah, tonga ihany ny fiakaran'ny tosaka marina. Sady amin'ny fotoany !
VROAOOOO
Ao tsara ny vaika ! Tena mihodina tsara koa ilay paompin'ny fanjifana.
Eh, tandremo ! Ny vidy !!!



Ka maninona moa ? mihodina tsara kokoa izao ny milina, ary manome tosaka ireo paompy.
Iee, nefa jereo kely fa midina daholo ny vaika hatraiza hatraiza !
Misy zavatra tsy mety ao. Mitoto mahafotsy araka izay tratra ny olona, nefa toa tsy misy vokany akory izany.
KARAMA
Inona no nampidirin'ilay SINISTRA iny tao anaty ranoka ekonomika ?!?!
Aleo hojerentsika izay ao anatin' ireo kiovabe mahavariana ireo !
Inty eto misy varavarana !
Ndao hiditra!
FOANA !!!



Efa ritra SAHADY koa izany izay tato anatin'ireto kiova ireto, hoy ianao ?
Tsia, FOANA HATRAMIN'NY VOALOHANY nametrahana azy ireo !
Karazana FAHAFOANANA EKONOMIKA ve ?
Tena TS'ISY, zato isan-jato ?
Ohatr'izao daholo no ataon'ny SINISTRA rehefa tsy mandeha ny raharaha. Ampidirany tapoakana RIVOTRA makadiribe eo anivon' ireo olika. Amin'ny voalohany dia manosika ny FLOZY io rivotra io, sahala amin'ny VELY KARAVASY.
Nefa dia lasa mifangaro ihany ireo zavatra rehetra ireo, ka ny vokany dia tonga mihena ny hakitroky ny FLOZY.
Miakatra ny vidin'entana.
Mihem-bidy ny TAHIRY.
Shhh, tsy misy dikany intsony koa ny tahiriko.
Ny RENIVOLA koa ...
MPAMPIFLOZY !


Misy renivola mivoaka amin'ny làlan-tsy izy ! Ilay tsy vanona !!!
Soa fa tsy tara isika, marina !..
Mila ny renivolanao aho, ry Mpampiflozy !
Aza manao fanahin-jaza eo !
Fa nankaiza izy ?
Hm, mandry !!!
Namela hafatra izy...
Tazony ny karama, ahenao ny hetra alaina amin'ny tombombarotry ny orin'asa, toy izany koa ny tamba-tsara ara-tsosialy, ary omeo fanampiana izahay mba hahafahanay mampiasa vola.
Atoa Mpampiflozy
Kanefa..., hidina ambany dia ambany mihitsy ny **FAHEFA-MIVIDY**. Hikotaba ny olona. Ary hihena ny fihodinan'ny paompin'ny fanjifana.



Ndeha hatomboka amin'ny fitsitsiana an'ity solitany tsy manjary ity !


Tsy misy dikany intsony ilay **FLOZY**. Ampitomboy indray ny tosaka !!
KARAMA
Tsy efa niteny izahay !
Hadalàna !
Vita hatreo izany koa !..
Fa ..., tamin' izaho Sinistra kosa mbola nisy nojerena koa...

# FEHIN-TENY



Jereo, mbola singa enti-mamokatra nesorina tanteraka indray koa 'ty.
Mila manamboatra iray hafa... maro hafa mihitsy aza...
FAMORONANA FANATSARANA
Andriamatoa SINISTRA ...
Ka, raha mamorona ministera iray hafa aho ?... na sekretariam-panjakana ?
An ?
Andriamatoa SINISTRA, ny fanaovana dingana lehibe ihany no vahaolana. Tsy maintsy **MAMORONA**, mandrafitra fiasana enti-mamokatra maoderina.
Tsy maintsy ampiasaina ny **SAINA**.


Eny tokoa ... tena ... marina ny anao.
KESIM-PANJAKANA
FANAMPIANA
FIKAROHANA
Ahoana ?
Ts'isy !
KRROOOPTSS
PSSSHHH
Ny VERY AM-PANDEHANANA no tena loza eto amin'ny firenentsika ...

# TAPITRA